## Fiainam-pirenena 2
**Fitondrana bemarenina, jamba, sady moana no misy eto**

## Adin'i Ukraina sy Rosia 3
**Mety hisy sazy ny fandavan-dRajoelina ny Vondrona Eôrôpeana**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety mivoaka intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 5 martsa 2022 Laharana 1270 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Depiote Todisoa Andriamapandry** 2

## Tsy hitady seza ny TIM fa mitady fanovana

**Mbola Rajaonah** 2

# Tsy rariny ary tsy ara-dalàna ny mbola fanagadrana azy



**Pr Narison Stephan** 3

# Tsy mandroso, vao mainka mihemotra ny firenena




**Birao politika sy Ben'ny tanàna TIM** 2

# Niara-nikaondoha ho fanatsaràna ny fiainan'ny antoko



**Tovovavy totoam-bintana dimy taona** 6

# Avotr'ilay tovolahy teraka alahamady




**Belo Tsiribihina** 6

## Dahalo miisa 70 nanafika tanàna, olona 3 voatifitra

**Fitateram-bahoaka** 7

## Mbola mitoetra ny fijalian'ny mpandeha

**Daka kely**



Toa miroborobo ery ny fanaovam-bakisiny, hay ve mety amin'ialahy isany ihany ry Boaikely a !

MBOLA RAJAONAH

# Tsy rariny ary tsy ara-dalàna ny mbola fanagadrana azy any Tsiafahy

Raharaha Mbola Rajaonah, nitondra fanazavana tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray iray ny mpisolo vava azy, Maître Eric Rafidison, tamin'ity herinandro ity.
Mbola Rajaonah dia mpandraharaha ary efa mpanolotsaina manokan'ny Filoham-pirenena teo aloha, Hery Rajaonarimampianina, nosamborina ary notazomina vonjimaika eny amin'ny fonjaben'ny Tsiafahy nanomboka 14 febroary 2019 ka hatramin'izao, izany hoe efa 3 taona mahery. Nanambara ny mpisolovava azy fa: "3 taona sy tapa-bolana no nitazonana an'i Mbola Rajaonah teny Tsiafahy. Nefa raha ny lalàna dia ny olona voaheloky ny Fitsarana sady voamarina fa olona nanao heloka bevava no tazonina eny. Tsy mbola nisy fitsarana na didim-pitsarana nivoaka momba azy hatramin'izao, fa havezivezy eny amin'ny Fitsarana ny dosie. Hatao antsojay izy, satria tonga mitsidika azy tsy indray mandeha fa mihoatra, ny tompon'andraikitra ao amin'ny fampanoavana ambony maka sary azy nefa manana ny zony ny voafonja ary raharaha any amin'ny PAC (Pôle Anti-Corruption), no nitazonana azy, fa tsy an'ny Fitsarana Anosy. Mbola tsy nisy rahateo ny didim-pitsarana nanameloka azy".
Raha nahazo fahafahana vonjimaika ny olona arovany tamin'ny 22 janoary 2020 tamin'ny 4 ora nefa tamin'ny 7 ora ny androtr'io dia nahazo baiko hamerina azy amponja amin'ny raharaha iray io ihany. Resaka taratasy tsy misy anto-bola izay efa nanafahan'ny Fitsarana azy sy fandikan-dalàna tany amin'ny fadin-tseranana no anisan'ny anenjehana azy, ka raha io resaka fadin-tseranana io dia herintaona raha be indrindra ny sazy fa tsy 3 taona. Giazana ny kaontin'izy sy ny vadiny kanefa ny vadiny dia efa nanana ny asany manokana tsy nisy ifandraisana aminy.
Misy aretina amin'ny fo izy, aretina efa nahazo azy tany aloha, izay nihetsika matetika ary saika nitarika ny fahafatesany raha tsy voavonjy tamin'ny septembra 2021. Noho io toe-pahasalamany io, fa tsy resaka tombontsoa manokana, dia nafindra tao amin'ny efitranon'ny infirmier major ny tenany ary arahi-maso akaiky ao ny resaka oxygène sy ny fanasiana sérum. Nohamafisin'ny CNIDH, fikambanana mpiaro ny zon'olombelona izany, rehefa nitsidika tany ny solontenan'izy



*Ny mpandraharaha Mbola Rajaonah.*

ireo. Efa nisy koa ny fikasan'ny mpiray fonja taminy teo aloha hamono azy ka nahatonga ny famindrana. "Tsy mitady "évacuation sanitaire" izany izy, fa fizahana manokana ahafahany mitsabo ny tenany no angatahiny, nanaiky ny PAC izay miandraikitra ny raharaha, fa ny fampanoavana ambony no nitsipaka ary tsy vitan'izay fa mbola nampiana hoe : averina any amin'ny "geôle" izy fa tsy ao amin'ny infirmier major. Raha ny tokony ho izy anefa dia rehefa eken'ny PAC dia azo tanterahina satria samy manana ny "juridiction" iasany ireo fa tsy mifampijabaka", hoy ihany i Maître Eric Rafidison.
" Hatreto izany dia tsy nisy didim-pitsarana nanameloka azy, noho izany tsy mbola azo lazaina ho olo-meloka izy, fa mbola voarohirohy, ary misitraka ilay présomption d'innocence nefa notazonina 3 taona mahery amina "maison de forces". Mangataka araka izany ny mpisolo vava azy mba halefa amin'izay ny Fitsarana ahitana ny tena marina momba azy. "
" Nasaina nanao taratasy fanekena hoe tsy hanao politika intsony tahaka an'i Berija sy Rolly Mercia, izay samy voatazona eny Antanimora koa i Mbola Rajaonah. Izy rahateo efa tsy manana eritreritra hanao izany", hoy ihany ity mpisolovava an'i Mbola Rajaonah ity.

***Isambilo***

Birao politika sy Ben'ny tanàna TIM

# Niara-nikaondoha ho fanatsaràna ny fiainan'ny antoko

Mba ho fanatsarana ny fomba fiasan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) dia nifamotoana tetsy Alasora tao amin'ny Espace Ri la Tsiou ny birao politika nasionalin'ny antoko TiakoiI Madagasikara, notarihin'ny sekretera jeneralin'ny antoko, Rina Randriamasinoro sy ny ben'ny Tanàna voafidy teto Analamanga. Isan'ny lahadinika natao tamin'izany ny mikasika ny resaka fifidianana amin'ny taona ho avy io.



Marihina fa ity fihaonana ity dia tohin'ny resaka nandehanan'ny birao politika teny amin'ny CENI.

Ilaina ny fikaonandohampirenena hanatsaràna ny lalàna mifehy ny fifidianana sy ny resaka CENI.

Tsy tongatonga ho azy ny fihaonan'ny ben'ny Tanàna voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara sy ny birao politika, satria miainga amin'izy ireo ny fototry ny antoko TIM. Manamafy ny fototry ny antoko hatrany ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity ary io hetsika natao io, dia ao anatin'ny fanabeazamboho sy fameloamaso ny antoko ihany koa.

***Helisoa***

Depiote Todisoa Andriamapandry

# Tsy hitady seza ny TIM fa mitady fanovana

Nahitsy ny solombavambahoaka Tiako i Madagasikara (TIM), Todisoa Andriamapandry raha namely ny tenin'ny solombavambahoaka Naivo Raholdina sy Fetra Rakotondrasoa momba ny fitsipaham-pitokisana hataon' izy ireo. Nanamafy mantsy ireto solombavambahoaka mpomba ny fitondrana ireto fa tsy tokony hisy izany ary resaka rediredy fotsiny hoy izy ireo na hifidy hatrany amin'ny tongotra aza. Tsy mitady



seza izahay fa milaza ny tsy fahombiazan'ny mpitondra ankehitriny, zahay solombavambahoaka nefa dia nofidiana ka tsy maintsy mitondra ny hevitry ny vahoaka malagasy hoy izy. Tokony hiaiky ny fanjakana fa tsy mahavaha olana ka mila fanovana olona mahay mitantana sy mahay ary mahafehy ny firenena. Any amin'ny fifidianana mifampitady hoy ity solombavambahoaka ity fa ny maha-maika aloha hatreto dia ny famahana ny olan'ny vahoaka malagasy ankehitriny na sosialy, na tsy fandriampahalemana, ary manginy fotsiny ny adilahy pôlitika eo amin'ny samy mpanao pôlitika. Efa aty aminay ny vahoaka malagasy ankehitriny hoy ity solombavambahoaka ity ka tokony ho mailo ny mpitondra satria leo ny fitaka sy ny kobaka ambavan'ny mpitondra ankehitriny, ka fitsipaham-pitokisana no ataonay solombavambahoaka satria mila fampandrosoana ny vahoaka malagasy ka tokony hiova ny governemanta.

***Rajo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fiainam-pirenena

## Fitondrana bemarenina, jamba, sady moana no misy eto

Tsy misy jamba mihoatra noho ireo izay minia mikimpy tsy mahita ny fahasahiranambahoaka, tsy misy moana noho izay mikombombava manoloana ny tsy rariny miseho eto amin'ny firenena, ary tsy misy marenina noho ireo manentsi-tadiny, tsy te hihaino ny fikiakiakin'ny mpiray firenena ianjadian'ny fanararaotana ataon'ireo nahazo fahefana.
Ny Talata 03 Febroary 2022 teo no andro manerantany ho an'ny fandrenesana,mankalaza izany isantaona i Madagasikara, nisy ny fitiliana ny fitaovampihainona dia ny sofina izany, tamin'ny toerana fito teto amintsika, ka ny efatra teto Antananarivo,ny roa tany Antsirabe ary ny iray tany Analakininina tany Toamasina.
Matetika rehefa fankalazana dia mifantoka amin'ny lafiny fitsaboana ny resaka, kanefa ny tena olana mahazo laka eto amin'ny firenena dia ny fisian'ireo mpanampintsofina sy minia tsy te haheno ny zavamisy marina.
Ireo mpitondra no tiana ambara etoana, satria misy ireo tranga miverimberina hatrany ,kanefa dia toa tsy mbola ahitana vahaolana foana, toy ny vatsimpianarana tsy voaloa raha tsy mandoro kodiarana, ny karama tsy voaray raha tsy misy filanjana soravaventy, ary ny saran'ny asa vita tsy misy tokotaniny hatramin'izao toy ny an'ireo orinasa mpikojakoja lalana.
Ireo mpitondra tsy mahaloa volan'olona dia tsy sahy miteny hoe tsy misy ny vola na mbola navily nampiasaina any ankafa, fa dia mbola midedaka mitanisa ny hoe ; misy ''procedure'' tsy maintsy arahina hono vao mivoaka ny vola, kanefa hita fa resaka longoa mitoto bozaka fotsiny izany, satria raha tena nampiharina arakan'ny tokony ho izy, ny lazaindry mpamitaka mianakavy hoe ''procédure'' dia vao mainka haingana sy tsy mitarazoka ny famoahambola.
Mihevitra azy ho tena paingotra ireo mpitondra, saingy ireo niharan'ny tsy rariny koa fanjaitra lavitra noho izy ireo, ka raha miseho manazava ''procédure'', dia mba manapintsofina tsy mihaino ny habobo ambaran' ireo koa ireo tsy nahazo vola, asaina miakatra fahitalavitra avokoa ireo mpamono afo isankarazany, saingy mba minia manao jamba koa ireo tra-pahavoazana tsy andrariny, ka very maina ny serasera diso kajy ataon'ny mpitondra.
Zon'ny mpianatra ny misitraka vatsimpianarana, ary ny lalàna no mametra ny tsy maintsy ahazoan'ny mpiasa ny karamany, ary ireo orinasa izay nahatontosa ny asany antsakany sy andavany dia efa voalaza tamin'ny fifanarahana na ''contrat'' fa tokony ho sandaina ny asa vitany.
Matoa ny mpitondra tsy mahaloa volan'olona dia mazava fa navily any ankafa ny vola, mba tsy ilazana mivantana hoe efa hena antanantsaka, ny vahaolana taingina avy amin'ireo mpitondra gaigy ireo dia tsy misy afa tsy ny fialana bala amin'ny resaka ''procédure'' tsy mitombina, sy ny fanaovana bemarenina sy mody jamba ary misarimoana, saingy misy fetrany ihany ny fandeferana, satria azo inoana fa tsy handefitra hatramin'ny farany ireo tokony ahazo vola.
Fa tsy maintsy ho tonga ny fifidianana, amin'izay fotoana izay dia ho avy ny fanasaziana goavana avy amin'ny vahoaka, izay inoana marimarina fa hampisokatra ny voamaso sy hampiala ny taintsofin'ireo tsy matahotody zatra nampahory vahoaka .

***Ny Valosoa***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fitahiana R.**

PR NARISON STEPHAN

# Tsy mandroso, vao mainka mihemotra ny firenena

***Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena, sy ny tontolon'ny fanabeazana amin'ny ankapobeny, tamin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, Pr Narison Stephan, manampahaizana manokana momba ny Fizika Nokleary ary filohan'ny fikambanana AGMM: Association Gasy Miara-Mandroso ihany koa.***

I Pr Narison Stephan dia zanaka mpampianatra, tany Ambatomanoina, distrikan'Anjozorobe, tanàna azo lazaina ho nitoka-monina tamin'izany fotoana, no nahabe azy. Tany izy no nandranto ny fampianarana ambaratonga voalohany sy faha-2. Avy eo, afaka fifaninanana tamin' ny fidirana tamin'ny Ly( cée, tao amin'ny Lycée Gallieni teny Andohalo izy. Mpampianatra mpikaroka teto Madagasikara izy, sy indrindra indrindra tany ivelany, tany amin'ny foibe fikarohana momba ny sehatra nokleary tany CERN any Suisse, mpikaroka tany Montpellier Frantsa sy ny maro hafa ihany koa,… teo amin' izay sehatry ny Fizika momba ny ôvana, na nokleary izay. Mahakasika ny fanabeazana, nambarany fa tsy mandroso i Madagasikara izao, raha oharina tamin'ny taloha. Tamin'ireo kaonferansa samihafa natao teto hoy izy, mihena ny fari-pahaizan'ny mpianatra amin' izao fotoana, oharina amin'ny taloha. Ny anton' izany araka ny nambarany dia noho ny fahabangana eo amin'ny fifaneraseran'ny ray aman-dreny sy ny zanaka, variana mitady vola ny ray amandreny ankehitriny, ka tsy afaka manara-maso ny fianaran'ny zanany. Ny mpampianatra ankehitriny koa, tsy misy faharisihana eo amin'izy ireo, satria ambany ny karamany miohatra amin'ny sehatra hafa, toy ny an'ny mpitandro filamianana ohatra. Tsy misy ihany koa ny fanofanana pedagôjika ireo mpampianatra. Lasa tsy môdely eo amin'ny mpianatra ny mpampianatra noho ireo olana ireo.

### Tsy misy ny sehatra famoronana

Mahakasika ny fahavitsian'ny mpianatra manaraka ny resaka siansa, miohatra amin'ny reasaka varotra sy fitantanana. Diso koa izay fiheverana sy zava-misy izay hoy Pr Narison Stephan. Raha firenena no be mpivarotra hoy ihany ity mpampianatra mpikaroka ity dia tsy mandroso ny firenena, tsy misy ny sehatra famoronana na creation, indrindra ny vita Malagasy. Ankoatra izany, olana eo amin'ny sehatry ny siansa sy ny fikarohana, tsy manampy ireo mpianatra sy tanora manana tetikasa na projet ny fanjakana. Ohatra, nisy mpikaroka nahavita solika vita tamin' ny fako nefa tsy nisy ny fanampiana azy hatramin'izao. Tany Antsiranana, nisy tanora mpianatra nahavita rianaratra avy amin'ny ranomasina, tsy nisy nanampy ihany koa hatreto.

*Pr Narison Stephan, mpampianatra mpikaroka, mpandinika ny raharaham-pirenena ihany koa.*

Mahakasika ny fampiharana ny famokarana ny angôvo nokleary eto Madagasikara, nambarany fa tsy ampy ny angôvo azo avy amin'ny riandrano, sy ny masoandro, na ny hafa fotsiny, ilaina ihany koa hoy izy ny famokarana angôvo matanjaka avy amin'ny nokleary avy amin'ny Uranium, satria manana izany isika eto Madagasikara, any Vinaninkarena, sy any Sakoa, raha tsy hilaza afa-tsy ireo. Azo atao amin'izao fotoana hoy ity manampahaizana ity, ny manangana foibe nokleary madinidika na mini-central nucleaire, efa manao izany ny any ivelany ankehitriny, toy ny any Frantsa. Afaka hamatsiana angôvon'aratra tanàna toa an'Antananarivo ny foibe mpamokatra nokleary madinidinika ary tsy mampitahotra izany. Afaka hampiasaina ny antsoina hoe: technique de fusion, ny technique Hydrogène ary tsy miteraka loto amin'ny tontolo iainana ny famokarana angôvo avy amin'izany. Izany no zavatra azo atao, fa tsy teleferika izay tsy misy tombontsoa mivantana ho an'ny vahoaka.

### Mijaly ny vahoaka

Nilaza ny heviny momba ny raharaham-pirenena ihany koa Pr Narison Stephan, amin'ny mahafilohan'ny fikambanana AGMM: Association Gasy Miara-Mandroso azy. Hita amin'ny zava-misy hoy izy fa tsy mandroso ny firenena, mihemotra aza hoy izy ny zavatra hita, satria tsy misy tombontsoa ho an'ny vahoaka mivantana ny zavatra ataon'ny mpitondra. Tokony hanova paikady ny fitondrana amin'izay, tokony hijery ny vahoaka izy ireo hoy ihany izy. Nosoritany fa tena mijaly ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana. Anisan'ny maneho izany ny fiakaran'ny vidinjavatra, avo roa, na avo telo heny, raha tsy hilaza afa-tsy izay. Ireny no tokony ho vahana, fa tsy ny werawera no ataon'ny fitondrana araka ny fomba fiteny amin'izao fotoana. Ny momba ny lalampanorenana, saro-pady io ka tsy tokony ho kitikitihana, hoy ihany ity mpikaroka sy mpandinika ny raharaham-pirenena ity, ovaovain'ny mpitondra izy io araka ny maha-mety azy, tsy mety izay hoy Pr Narison Stephan. Tsy mpomba na mpanohitra ny AGMM fa eo afovoany, na izany aza, tsy mankasitraka ny fitantanam-pirenena ataon'ny fitondrana Rajoelina amin' izao fotoana ny AGMM. Noho izany dia tsy maintsy miteny ny tsy mety ny fikambanana. Mahakasika ny mpanohitra, tokony hifanaraka izy ireo hanambatra ny hery, ka kandidà tokana no harotsaka amin'ny fifidianana ho avy, mba tsy hiparitahan'ny vato. Momba izay fifidianana ho avy izay, mbola tsy fantatra na hirotsaka na tsy hirotsaka ny filohan'ny AGMM. Ny zava-misy hoy izy, efa hita sy tsapa fa mitanila sahady ny arbitre na ny mpitsara ny lalao amin'io fifidianana ho avy io dia ny Ceni sy ny HCC, tsy azo ekena izany hoy Pr Narison Stephan. Mahakasika ny hanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena, eken'ny AGMM izany, raha tena ho amin'ny tombontsoan' ny be sy ny maro sy ny firenena.

***Isambilo***

Adin'i Ukraina sy Rosia

# Mety hisy sazy ny fandavan-dRajoelina ny Vondrona Eôrôpeana

Mety hisy sazy ny fandavan'ny fitondrana Rajoelina ny Vondrona Eôrôpena. Firenena 141 no nanaiky ny fanamelohana sy ny hialan'ny tafika rosiana any Ukraine tao anivon'ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana. Firenena 5 no nitsipaka izany ary 35 no tsy nanome ny heviny, ka isan'izany i Madagasikara. Nilaza ny Praiministra Ntsay Christina, fa tsy hiandany na amin'iza na amin'iza isika eto Madagasikara. Izany dia fandavana an-kolaka ny fangatahan'ireo firenen-dehibe izay iankinan'ny famatsiambolan'i Madagasikara. Araka izany dia tsy maintsy hisy sazy ankolaka na mivantana ho azon'i Madagasikara sy ny mpitondra Fanjakana Malagasy. Manoloana ny fandavany ny Vondrona Eôrôpeana, sy ireo firenena tandrefana miasa akaiky dia akaiky amin'i Madagasikara. Hita taratra amin'izany, fa tsy ny tombontsoan'ny Malagasy maro mihitsy no manentana an'i Rajoelina sy ny forongony.

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Mila mahatsapa sy mamaha ny geja mamatotra azy ny firenena

Miseho hatrany ny toe-javatra ahitana olana miantraika amin'ny fiainam-bahoaka. Ity fitondrana ity dia efa nambara ela izay, fa tsy ho afak'olana. Ny antony, tsy avy amin'ny mpanohitra izay anilihany hatrany ny rihitra, fa avy aminy ihany. Ary tsy mandeha ho azy amin'izao sy hampilamina ny zavatra azo amin'ny fomba tsy mazava, mba tsy ilazana hoe tsy fahamarinana. Niaraha-nahita tsara ny zava-nitranga tamin'ny fomba fihetsik'izy ireo taloha sy nandritry ny fampielezankevitra ary tamin'ny fifidianana tamin'ny taona 2018.
Maro izay olana niainan'ny vahoaka Malagasy izay tao anatin'ny telo taona izao. Miseho amin'ny endrika isan-karazany izany ary ny ankamaroany dia tsy mbola fahita hatramin'izay, na ny fomba fiteny hoe naha tany ny tany. Ny mahavaka ny saina, dia tsy mbola hita soritra akory, ary tsy ao anaty taona vitsy hoavy no hisindan'izany maharary ny vahoaka sy ny firenena izany. Iaraha-mahita sy miaina tsara mantsy ny zava-misy amin'ny fomba fitondrana ny firenena ankehitriny, sy ny ketriketrika politika mandroadroatra amin'ny lafiny samihafa. "Mbola ho ela", hoy ilay mifatotra; ary "lavitry ny afo ny kitay". Izany fomba fiteny izany no azo ilazana tsara ny zava-misy sy ny amin'ny fibanjinana ny hoavin'ity firenena ity hatreto. Misy mahazo tombontsoa amin'izao toerana misy ny firenena izao. Ny firenena izay miaina ao anaty fahantrana lalina, noho ny fampahantrana natao azy, tamin'ny alalan'ny fihetsika nataon'ireo olom-bitsy ato anatiny sy any ivelany. Tsy tokony ho adinoina ihany koa, fa mbola mahomby tsara amin'izao fotoana izao ny politikam-panjanahana nataon'ny fitondrana frantsay, izay nikororohany sy nanasamatsamahany ny fototra feno fahendrena lalina niorenan'ity firenena ity. Mbola mitoetra izany mandraka ankehitriny na dia takonana amin'ny fihatsarambelatsihy aza izany. Izany sy ny zava-misy ankehitriny, no mifamatotra manindry sy mamatotra ny firenena sy ny vahoaka ary mety amin'ireo sokajin'olona mambotry sy fositry ny firenena ireo.
Tsy ho afa-miala amin'izany geja manakenda sy mamono azy izany ve ny firenena mandrapahoviana? Tsia, azo atao ny miala amin'izany raha misy finiavan'ireo olom-pirenena mbola afa-miaina kely sy afa-mihetsika. Mila faharetana izany ary mila saina tsy voasasa sy nandairan'ny "viriosin'ny filôzôfia" voizin"ireo sokajin'olona samihafa manerantany, mikendry ny hitantana mandrakariva sy ho lohany eto amin'ny firenena sy eto amin'izao tontolo izao, handritry ny taonjato maro. Mila mahatily sy miàla amin'izany ny firenena Malagasy, raha te hiàla amin'izao toerana misy azy izao sy tiana hisandratra marina tokoa.

***Sôh'son***

TONONKALO

# Ho anao izay tena Solombava

Solombava ve ianao ? avia ka mijoroa indray,
Raha toa ka tena nofidiana hitondra ny hetahetanay.
Miraisa saina , mivondròna , f`aza tia mandeha irery.
Dia tsarovy , tadidio fa ny firaisana no hery !

Hoenti-mampizarazara , miasa mafy ny devoly.
Ampiasainy ny hevi-petsy mba hoenti-manangoly.
Ka dia aoka re ho mailo ianareo izay nofidiana,
Mitandrema sao ho lavo ka ho nenina any aoriana.

Mody atolony ny tanany mba ho mari- panajana,
Nefa ny firaisan-tsaina , izay no tiany horavana.
Eny , taominy aza ianao hanao sonia fifanarahana,
Saingy ny heviny dia tsotra : ny hampisy fisarahana !

Ka dia mbola miantso indray `zahay vahoaka izay nofaizina,
Tsy ho tratry ny indroa na koa ny intelo hahita maizina.
Ny firaisana hatrany no kendreo hijoro tsara,
Mba tsy handoto anao milaza ho "Tiako i Madagasikara"!

Tsy ny iray na roa deraina hoe mahay sy maila-bava,
Tsy izany loatra izao no tena ilaina k`aoka hazava,
F`ianareo rehetra ireo mivondrona amim-pahendrena,
No azo antoka indrindra hitondra ho amin`ny fandresena !

***TSIMIMALO (03-03-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny fiaraha-mikaondoha teo amin'ny Birao politika nasiônalin'ny antoko TIM, sy ireo ben'ny tanàna TIM amin'ny faritra Analamanga.**










**Ireo Vehivavy TIM Analamanga, niomana hizara fanomezana ho an'ny traboina teny Alakamisy Antananarivo Atsimondrano.**









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Niarahaba ny filoha Marc Ravalomanana tratry ny taona teny Faravohitra ny TIM Toamasina.**











**Hankalaza ny 8 martsa, andron'ny vehivavy eran-tany any Toamasina ny vehivavy TIM Analamanga. Ny depiote Feno Ralambomanana voafidy tao aminy boriborintany faha-3 dia nanome vatsin-dalana ho an'ny Vehivavy TIM Analamanga.**









WATER AID

# Manana zo hisitraka rano fisotro madio ireo manana fahasembanana

Fahombiazana hatramin'ny 90 % ny fanatanterahana an'ilay tetikasa, ahafahan'ireo olona manana fahasembanana hisitraka ny rano fidiovana sy fanadiovana, ao amin'ny kaominina miisa 14 ato amin'ny faritra Analamanga tao anatin'ny 2 taona. Notanterahina tetsy amin'ny Hotel Le Pave Antaninarenina ny alarobia maraina teo ny atrik'asa famaranana an'ity tetik'asa ity, izay niandreketan'ny Water Aid, miara-miasa amin'ny PFPH (Plate forme nationale des personnes Handicapés à Madagascar). Nilaza Andriamatoa Biharisoa Serginot "Manager gouvernance" ao amin'ny Water Aid, fa tetik'asa miompana amin'ny ady sisika eo amin'ny manam-pahefana ho fisitrahana ny rano fidiovana sy ny fanadiovana ho an'ny olona manana fahasembanana eto Madagasikara ity tetik'asa ity. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa




anisan'ny laharam-pahamehana ao anatin'ny tetik'asa ny fahaizana mandrindra ny fitantanana fadim-bolana ho an'ny vehivavy, satria miteraka aretina ny fisian'ny fahalotoana ary sakana ho an'ny fampidiram-bolan'ireto farany. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, nampidirin'ireo Ben'ny tanàna, izay voakasiky ny tetik'asa ny fampidirana vola hanohanana ny olona manana fahasembanana ao anatin'ny teti-bolan'ny Kaominina. Nanamafy izy fa nahitam-pahombiazana ity tetik'asa ity, satria niezaka nampivondrona an'ireo mpiara-miasa amin'ny sehatr'asa rehetra toy ny manam-pahefana isan'ambaratongany, ny mpisitraka ny tetik'asa, ireo orin'asa tsy miankina, ny Governemanta, ny Ministera sy ny sisa… ary samy nanatontosa ny andraikitra manandrify azy amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa ireto farany. Namarana ny fanehoankeviny ity "Manager gouvernance" ao amin'ny Water Aid ity, fa tokony hisy fanajana ny "Genre, équité, Inclusion" avokoa ireo tetik'asa rehetra atao eto Madagasikara, mba hisian'ny vokatra tsara.

***Franck Razakambelo***

Vehivavy Mpanao gazety eto Madagasikara

# Hanao hetsika ho fampitomboana ny hoenti-manana

Ho fampivondronana sy hampiraisana hina ny Fikambanan'ny Vehivavy Mpanao Gazety eto Madagasikara, mikarakara hetsika hanampiana ny fikambanana izy ireo ny 9 martsa ho avy izao, hetsika ho fampitomboana ny hoenti-manana. Ity hetsika ity, izay mitondra ny anarana hoe : "Tout feu toutes femmes" ary hatao ao amin'ny Kudeta Anosy, dia fampisehoana hiarahana amin'ireo mpanakanto samihafa avy eto an-toerana, toa an'i Farakely, Poon, Eusebia ary i Koukoumi. Ankoatra izay, hisy koa ny seho hataon'ny mpanakanto vahiny avy any La Réunion, sy ny fampirantiana fitafy isan-karazany, hiarahana amin'ny mpahay lamaody avy eto an-toerana. Tafidi-



***Tafa tamin'ny mpanao gazety, nataon'ireo mpikambana, amin'ny biraon'ny fikambanan'ny Vehivavy Mpanao Gazety eto Madagasikara.***

tra ao anatin'ny herinandro ho an'ny vehivavy : 8-12 martsa. Marihana fa hatolotry ny Kudeta Anosy ity hetsika ity. Kendrena amin'izany ny hanangonam-bola hahafahana manampy ny fikambanan'ny Vevivavy Mpanao Gazety eto Madagasikara, hanampiana azy ireo amin'ny fampiroboroboana ny asa iandraiketany. Anisan'izany ohatra : ny fanampiana amin'ny hanomezana karazana fiofanana ho an'ny mpanao gazety vehivavy. Misy telo ny fiofanana vinavinaina ho an'ity taona ity, anisan'izany ny "développement personnel", ny "Lean management", hoy ny filohan'ny fikambanana Anny Andrianaivonirina. Lafiny maro no efa andraisan'ny fikambanana anjara amin'ny fampiraisana ny vehivavy mpanao gazety, toy ny fampianarana lomano, ny fiarahana mamboly hazo, izay efa fanao isan-taona. Ho an'ity taona ity, zanakazo 1 000 no voavolin'ny fikambanana. Eo ihany koa ny hetsika natokana ho an'ny ady amin'ny homamiadana isaky ny sabotsy faharoan'ny volana. Tsiahivina fa ny fikambanan'ny Vehivavy Mpanao Gazety eto Madagasikara dia niforona tamin'ny taona 2018 ary efa misy mpikambana an-jatony maro manerana ny Nosy .

***Stefa***

Synodamparitany Mananjary Pangalane

# An-jatony ny fiangonana ravan'ny rivodoza



Nitondra izay voatsirambin'ny tànana ho an'ireo traboina noho ny fandalovan'ny rivodoza teto amintsika tany Mananjary ny delegasiona notarihan'ny prezida synodaly Iarivo avaradrano, ny mpitandrina Rabetokotany Miarilaza. Fanomezana toy ny vary, simenitra, fanitso ary fitaovam-pianarana, sns… no nentin'izy ireo ho fanampiana ireo traboina tany an-toerana. Raha tsiahivina, dia an-jatony ireo fiangonana rava, ampolony ireo rava amin'ny ampahany ary tokantrano 1300 no rava fambolena tany an-toerana. Ny prezida synodaly Mananjary Pangalane no nandray ireto fanomezana ireto. Nitohy tany Antanambao omaly ny dian'ireto delegasiona ireto nitondra fanampiana sy nitondra am-bavaka ireo tra-pahavoazana tany an-toerana, ka tafiditra tamin'izany koa ny sekoly Fjkm.

***Rajo***

Tovovavy totoam-bintana dimy taona

# Avotr'ilay tovolahy teraka alahamady

*Hafaindray ity tranga ity : tena misy ve ny ratsy vintana, sa misy koa izany hoe totoam-bintana izany, ka izay rehetra atao dia midofotra ary saika miafara amin'ny aina avokoa.*

Eto an-drenivohitra ihany rakalakely. Nanao sipa fa tsy afaka nivady, fa votsotra ho azy ary izay mba tiany mitsaingoka dia lasa. Ny asa izay notadiavina tsy nisy fa izay mamaly dia foana ho azy teo. Ny kely teo ampelatànana nenti-nihetsika dia fongana ho azy ary saika nivaro-tena sisa ity kalakely ity. Saika aretina sy adintsaina lava no nahazo azy ary efa saika narian'ny fianakaviany mihitsy satria sady lian'ady no tsy manaja ray amandreny fa miavona sy manao teny diso tafahoatra izany. Tsy vitan'izany, fa sady efa tsy tiana no mbola manompa sy manao vava ratsy ny mpiara-monina aminy. Leo sy tofoka ny fiaraha-monina, ka nandroaka azy hiala ny tanàna satria tsy laitra intsony ny toetrany fa sady manimbazimba no mamototra olona mihitsy.

**Narenim-bintana teny Itaosy vao avotra**

Indray andro dia tafaresaka tamin'ity tovolahy ity ilay tovovavy. Notantarainy ny olana samihafa mahazo azy ary io tovolahy io no nitory fitiavana taminy sy nitaona azy ho karakaraina eny amin'i Mr Aina mpitsabo 0382902668 sy ny 0320279868 malaza amin'ny fampiasana « sorabe » sy ny « pouvoir » manokana ananany. Vao nigadona teny an-toerana dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Mifanohi-bintana ianareo, ka tsy maintsy karakaraina haingana. Teraka Septambra ianao hoy izy, ka mifanohi-bintana amin'ity tovolahy ity satria teraka alahamady izy io. Vintana voalohany izy io ary ny alohotsy sy ny adaoro no eo aloha sy aoriana. Alahamady fararano ity volana martsa ity hoy izy, ka ity tovolahy ho vadinao ity dia mena sy afo mihitsy aza. Renim-bintana io alahamady io ary tsinam-bolana voalohany manakaiky ny daty gregoriana. Ho karakaraina ianao satria ny 21 Martsa izao no hanombohana azy, izay fotoana manakaiky ny fidiran'ny masoandro manandrify ny antokon-kintana ihany koa. Mila mitondra ondrilahy ianareo hoy izy satria ny ondrilahy no vintana voalohany, ka sady ho fadirana rà ianareo mba tsy ho be rà latsaka ihany koa no diovina ho fotsy mangatsakatsaka.

**Lasa mpanefoefo izy roa ankehitriny**

Nataon'ity mpitsabo ity ny fikarakarana. Nalàna faditra ilay tovovavy ary nodiovina izy roa. Nitovy ny vintan'izy roa satria tafiditra tao anatin'ny alahamady fararano. Nanomboka teo dia nivaha ny olana rehetra, foana ny adilahy sy ny disadisa samihafa ,nisokatra ny varavaran'ny fandrosoana satria nahazo asa ilay sipakely, marin-toerana koa ilay tovolahy ary izay rehetra natao dia nety avokoa. Salama izy roa ary nahatsangana trano, nahavidy fiara sy fananana samihafa ary nanjary nitangoronan'ny olona indray aza satria tsongoin'olombolo teo an-tanàna. Tafita tanteraka izy roa ankehitriny satria avotry ny fanarenam-bintana nataon'i Mr Aina mpitsabo eny Ambonisoa Itaosy.

***Namana***

Belo Tsiribihina

# Dahalo miisa 70 nanafika tanàna, olona 3 voatifitra

Mirongatra ny asan-dahalo amin'izao fotoana any Belo Tsiribihina faritra Menabe. Dahalo 70 no nanafika tanàna tany an-toerana, olona 3 no voatifitra tamin'izany. Tany Behamotsy Belo Tsiribihina no nitrangan'ny fanafihana: olona 01 Maty (fokonolona); olona 03 voatifitra, iray amin'io Miaramila. Omby 320 isa lasan'ireo DAHALO maherin'ny 70 isa ireo. Misy miaramila 05 no mpiandry ao an-tanàna fa 02 no afaka nifanehitra tamin'ny dahalo nandritra ny fanafihana, noho ny 03 lahy nanana anton-dia tany Belo Tsiribihina renivohitra. An-dalana hanao renfort any an-toerana ny Zandarimaria amin'izao fotoana. Noho izao tranga izao, kely sisa dia ho azony ilay amboara amin'ny tsy fandriampahalemana any amin'iny faritra iny. Tsy mitsahatra ny fanafihana sy vono olona ao Belo Tsiribihina, efa ho iray volana izao, isan-kerinandro misy vono olona sy fanafihana hatrany. Hatramin'ny oviana ny fitazanam-potsiny ataon'izay tomponandraikitra tandrify azy io ? Misy mahazo tombontsoa tokoa amin'ny herisetra sy horohoro mianjady amin'ny mpiara-belona hafa ve ? Tsy ho tanteraka izay fandrosoana tononina isan'andro eo raha tsy mandry fahalemana ny tambanivohitra tantsaha mpamokatra.

***Niaina***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 26/02/2022 hatramin'ny 05/03/2022**

- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64 / 034 84 322 64
- **RABARISOA** (Andravoahangyprès BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86 / 034 07 229 86
- **TSARA** (Andavamamba-route pavée) 020 22 347 12 / 034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1270-03-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Issof-Next loging

# Azo hatsaraina ny fitantanana orinasa amin'ny fotoan-tsarotra

Ampinga iray ahafahan'ny orin'asa mampiroborobo ny fitantanany ny fifehezana ny « Technique de seduction appliqué à la vente", sy ny « Human center design » ary ny « Produits alimentaire aux normes », indrindra ao anatin'izao fiatrehana ny krizy vokatry ny « Covid » izao. Io no nisongadina nandritra ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny Issof (Iscam Solution formation), niaraka amin'ireo mpitantana orin'asa eto Madagasikara ny alakamisy maraina teo, tetsy amin'ny « Hotel Le Pavé » Antaninarenina. Nilaza Ramatoa Rakotonirina Mialisoa, tompon'andraikitrin'ny serasera ao amin'ny Issof, fa ny hetsika « Next loging » dia fihaonana ahafahan'ny mpitantana orin'asa manamafy ny traik'efany, ho fampiroboroboana ny fandraharahana ataony amin'izao andro sarotra izao ary fotoana iray ahafahana mifampizara zava-baovao, ho an'ny mpandray anjara, ahafahan'ireto farany mandroso hatrany amin' ny fitantanana orin'asa. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra iray ao amin'ny Issof ity, fa tsy ampy isa ireo orin'asa izay mampihàtra an'ireo lohahevitra izay voatanisa etsy ambony ireo kanefa zava-dehibe ho an'ny orin'asa iray ohatra ny mampanaraka fenitra ny famokarana, mba hivelaran'ny fandraharahana atao eo amin'ny tsena. Nanohy fanazavana Ramatoa Rakotonirina Mialy, fa manampy betsaka amin'ny fampivoarana ny toe-karena ny fandrosoan'ny sehatra fitantana satria ny fifehezana ny zava-baovao eo amin'ny tontolon'ny fandraharahana no mampiroborobo ny orin'asa. Tsiahivina fa isaky ny enim-bola, no manatanteraka an'izao fihaonana miaraka amin'ny tompon'ny orin'asa izao ny Issof, mba handinihana sy hifampizara lohahevitra entina hanatsarana ny fitantanana.

***Franck Razakambelo***



Fitateram-bahoaka

# Mbola mitoetra ny fijalian'ny mpandeha



Tsy ny fitaterana mihantona na ny « téléphérique », na ny « bus class » velively, no hahamaha ny olan'ny sarambabem-bahoaka mpandeha mampiasa ny fiara fitateram-bahoaka eo amin'ny fiainany andavanandro, raha eto Antananarivo sy ny manodidina. Hadisoan-kevitra izany raha misy manantena an'izany. Nijaly efa aman-taonany marobe izay ny mpandeha noho ny ataon'ny mpitatitra, fa tsy nisy nihaino ary tsy nisy namaha ny tompon'andraikitra, na ny eo anivon'ny ATT, na ny minisitera misahana ny fitaterana. Ny kaoperativa efa tsy azo antenaina sy ianteherana intsony, fa mpiray tsikombakomba amin'ny mpitatitra ireo, miaraka amin'ny tompona fiara, ka tsy mijery afa-tsy ny tombontsoan'izy ireo ihany. Miharihary izany rehetra izany, fa isan'andro vaky izao tsy maintsy misy ny fijaliam-bahoaka, manomboka maraina sy indrindra rehefa hariva hamonjy fodiana. Efa marobe izay fitarainana ataon'ny mpandeha sy ny vahoaka izay amin'ireo mpitatitra fa toy ny antso an-tany efitra izany ary tsy misy miraharaha, sy tsy misy mpiahy ny vahoaka. Tsy amin'ny andro misy korontana na andro fety ihany, fa rehefa misy andro toy ireny tamin'ny fisian'ny ora-mikija ireny ihany koa , ohatra, dia tena miseho izay olam-bahoaka izay eo amin'ny sehatry ny fitaterana. Mijaly ny vahoaka, ary tsorina fa tsy mahavita ny asany ny tomponandraikitra misahana ity fitateram-bahoaka ity.


Ny polisy sisa no aroriaka kely mba manara-maso ny fihoaram-pefy sy fandikan-dalàna ataon'ny mpitatitra, izay mba misy fiantraikany kely amin'ny mahasoa ny mpandeha. Ireo koa anefa dia misy fotoanany ihany no manao ny asany sy amin'ny toerana misy azy. Amin'izay fandraisany andraikitra izay koa ary izany aza anefa mbola misy adihevitra ihany.

***Radafy***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 386**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0385)

***Mitsivalana***
- Toriteny
- Avo – SN
- Nianatr(a)
- Pirina
- Elo – AN
- Lolo – Ako
- Omby

***Mitsangana***
- Tantely
- Ovy – Lo
- Roapolo
- Ny – OM
- Tsara
- Entiny
- RN
- Fy (miv) – Rova (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 386




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra firenena **2.** Hazo maro – Milaza fotoana (miv) **3.** Vahiny – Tofoka (miv) **4.** Tsapaina, ampitoviana – Mampisafidy **5.** Napetraka (miv) **6.** Fanafody (miv) – Naoty (miv) – Eo amin'ny fery (miv) **7.** Fivelomanao **8.** Faran'ny valala – Aro moka **9.** Irinay, ilainay – Tampisaka **10.** Hira sy vazo (miv) – Foto-tsakafo

**Mitsangana**

**A.** Loto marobe – Rary vy **B.** Andro – Mpanondro **D.** Hatsiaka – Ala-voly (miv) **E.** Betsaka (BL) – Milaza fananana (miv) **F.** Niakatra (miv) – Ao amin'ny kaki **G.** Mpanakanto gasy **H.** Mamarana ny lalanao – Zanak'i Dada – Faran-teny **I.** Tampisaka – Nivelona **J.** Fipetrahana (miv) – Hao tsy misy lohany – Mari-bola **K.** Haingo mariazy (miv) – Sahala

### Valiny Teny mifanaraka 0385

**Mitsivalana**

**1.** Mandà - Foza (miv) **2.** Efaina **3.** Naina - Ana **4.** Ak(o) - Anana **5.** Ray - Nikalo (miv) **6.** Nafarana **7.** Anao - Fe (miv) **8.** Aizat? - Taona **9.** Nivory - Ma (miv) **10.** Vy - Mitafa (miv)

**Mitsangana**

**A** Menarana **B.** Afaka - Iny **D.** Nay - Izany (miv) **E.** Dina - Avana (miv) **F.** Ana - Afo (miv) - Fo (miv) **G.** Alaotra **H.** Rana (miv) - Tia (miv) **I.** Zanaka **J.** Manenina (miv) **K.** Fy - Mafana (miv)

## NY TENY FIAINANA

*"Hampitomboina ho anareo anie ny famindrampo sy ny fiadanana ary ny fitiavana".*
***Joda 1:2***

### FMBB SY FANKALAZANA NY 8 MARTSA

# Lalao basikety sy fanangonana fanampiana ho an'ny traboina




*FMBB teny amin'ny Kianja Barea.*

Efa vonona ny FMBB "Federation Malagasy de Basket Ball", mpikarakara amin'ny hetsika fankalazana ny 8 martsa 2022 eto Antananarivo, izay hiarahany amin'ireo mpiara-miombon'antoka aminy samihafa.
Eny amin'ny Kianja Barea Mahamasina, no fotoana hanatanterahana an'izany amin'io talata 08 Martsa 2022 io ka hisy ny :
-Diabe firaisankina ho fankalazana ny andron'ny vehivavy,
-Lalao basikety 3x3 ho an'ny "Vétérans" Vehivavy,
-Lalao basikety 3x3 ho an'ny ankizy U12 F, U14F,
-Fanangonana ireo fanampiana avy amintsika rehetra ho an'ireo traboina tamin'ny fandalovan'ireo sikilaonina samihafa teto Madagasikara.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Atidohan-kena saosy voatabia indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

### Kick Boxing

# Mamofompofona politika ny fifidianana ho filohan'ny Federasiôna

Miisa 4 ireo kandidà ho fidiana ho filohan'ny Federasiôna vaovao'ny taranja Kick Boxing, izay ho tanterahina rahampitso alahady 6 martsa 2022 dia Andriamatoa isany "général Lylison René de Rolland, Governoran'ny Faritr'i Sofia, Razafimandimby Fernand José, Serge Vital ary i Me Boto Gilbert.
Nambaran'Andriamatoa Rakotoarimanana Patrick José, filohan'ny Ceni Kick Boxing, mpikaraka ny fifidianana, fa 9 amin'ireo ligim-paritry ny Kick Boxing 15 misy, no handray anjara amin'ny latsabato.
Raha tarafina vonjimaika dia mamofompofona resaka pôlitika indray ity fifidianana federasiôna iray ity, ka ho hita teo ny vokany.
Heverin'ny maro fa tsara toerana hitantana an'ity rafitra ity anefa i Me Boto Gilbert, izay nilomano tanteraka tao anatin'ny taranja fotoana naharitra, fa efa niainga tany amin'ny naha-mpilalao azy, mpanazatra avy eo ary mpikarakara hetsika kickboxing isan-karazany amin'izao.

**Rainilita**


*Me Boto Gilbert.*

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny moringa na ananambo

Ny soa azo avy amin'ny moringa na ananambo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireo zavatra hita ao aminy:
- Proteina
- Vitamine B6, C, B2, A.
- Magnésium.
- Vy na fer.



Ireo zava-tsoa azo avy aminy :
- Mahatsara ny fo, manampy amin'ny fiasan'ny fo.
- Mahatsara ny saina, manampy amin'ny fiasan'ny saina.
- Mahatsara ny aty.
- Anti-oxydant , na miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Anti-inflammatoires, miaro amin'ny fanaintainana.
- Mampidina tahan'ny cholesterol.
- Mampidina tahan'ny siramamy ao amin'ny rà, tsara ho an'ny Diabétique.
- Manala kohoka, sery, tazo.

Azo atao laoka, azo atao jus, azo hamainina dia atao dite.
Tsara ary afaka misotro ihany koa ny zaza mihoatra ny 3 taona.

### Misaona ny hand-ball Malagasy

# Nodimandry Fidèle Razafintsalama filohan'ny Federasiôna teo aloha


*Razafintsalama Fidèle fony fahavelony.*

Manjombona indray ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy. Nodimandry tamin'ny alakamisy 03 martsa 2022 teo amin'ny faha-68 taonany, Razafintsalama Aimé Fidèle, filohan'ny « Fédération Malagasy Handball » teo aloha, sady filoha am-perinasa ny CAHB zône 7. Notanterahina omaly zoma 04 martsa 2022 teny Andriampamaky Anjozorobe (RN3) ny fandevenana ny nofo mangatsiakany.
Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa dia maneho ny fiaraha-miory ary mitondra ny teny fampiononana ho an'ny ankohonany sy ny fianakaviany manontolo ary ny fianakaviamben'ny fanatanjahantena Malagasy, indrindra ny taranja Hand-ball manokana, sy ireo mpianany tao amin'ny Collège St Michel Amparibe

**Rainilita**

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Tel. 034 79 076 00

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Marovoay Sud any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky

Ny tanànan'i Marovoay Sud any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marovoay Sud ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. 60% ny mponina any dia miasa amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana avokoa. Vokatra any Marovoay Sud ny vary, ny voanio na ny coco ary ny voanjo.

